Fampielezan-kevitra sandaina vola **2**
**Niafara tamin'ny fanaovana herisetra tamin'ny mpanao gazety**

Ny Valosoa sy Fakafaka **2**
**Fotoana ijoroana amin'ny foto-kevitra miaro fahamarinana izao**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 14 novambra 2023 Laharana 1495 Vidiny : **600 Ar**


GTT International Genève **3**
**Madagasikara : fifidianana mety hiteraka korontana...**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Raharaha Romy Voos** **2**

## Voantso any Londres Rajoelina ny 30 novambra hoy Paraina




**Tratran'ny lazon'ady** **2**

## Miha-valaka ny maro amin'ireo herim-pamoretana



**Fanatanterahana fifidianana** **3**

## Tsy misy mandeha amin'ny laoniny sady tsy manara-penitra



**Randriamparany Jean Bosco** **6**

## Tontosa ny lalao famaranana kitra ady omby sy ondry



**Fanaraha-maso ny fifidianana** **6**
Tsy feno ny fepetra hisian'ny fifidianana amin'ny 16 novambra

**Fandraharahana letchi faritra Atsinanana** **7**
Hisokatra ny zoma 17 novambra ny "guichet unique"

**Daka kely**



Tena kitoatoa mihitsy ny fifidianana sy ny adihevitr' ialahy isany ry Boaikely a !

RAHARAHA ROMY VOOS

# Voantso any Londres Rajoelina ny 30 novambra hoy Paraina

Nizara roa ny hetsika am-pilaminana ho fitakiana ny hisian' ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra omaly, ao anatin'izany koa ny tokony hanemorana ny fifidianana aloha. Teo ny hetsika nifandray tanana nanao tohivakana nanodidina ny Farihin'Anosy, izay notarihan'ny mpanakanto Bodo sy Hary Razafindrazaka, fahombiazana izany, satria maro ireo namely ny antso nandray anjara tamin'ny hetsika. Teo koa ny hetsika diabe nataon'ny vondron'ny kandidà niainga teny Bemasoandro ka hatrany amin'ny Cité Itaosy tao Antananarivo Atsimondrano. Nambaran'ny kandidà Paraina Auguste nandritra izany fa voantso



*Ny vondron'ny kandidà teny Itaosy-Unis omaly.*

any Londres ny kandidà Andry Rajoelina amin'ny 30 novambra ho avy izao momba ny resaka kolikoly avo lenta: raharaha Romy Voos Andrianarisoa. Raha ny fanazavàna izay nomen'ny Kandidà Paraina Auguste dia izay no antony goavana mampisisika mafy an'i Andry Rajoelina hanatanteraka ny fifidianana Filoham-pirenena, mba hahafahany manana "immunité", satria mavesatra ny fiampangàna azy amin'izao kolikoly goavana iraisampirenena izao. Ankoatra izany, namafisin'ireo rehetra nandahateny koa fa: aoka hajaina ny lalàna, miala ny kandida tsy manana zompirenena Malagasy intsony, sitrapony hoy izy ireo no nanariany ny zompirenena maha malagasy azy. Mila hovaina ny Hcc, soloina Ces, hovaina ny Ceni. Havoaka daholo ireo voasambotra na député na olontsotra. Hahemotra ny fifidianana ary hapetraka ny fifidianana tsy mitanila. Momba ny fifidianana kasaina hatao ny alakamisy ho avy izao: hataovy toy ny tsy misy hoy izy ireo, haneho fiaraisankina ny Malagasy rehetra eran'i Madagasikara amin'io andro io, hoy ihany ny fanambarana, hanohitra ny fifidianana amboletra sy tsy manara-dalàna.

***Ny Valosoa***

Tratra ny lazon'ady

# Miha-valaka ny maro amin'ireo herim-pamoretana

Tratra ny lazon'adin'ny hetsika fotsy, tolona ampilaminana, hita ho mihavalaka ihany ireo herimpamoretana raha ny hita tamin'ny sabotsy teo tamin'ny ankapobeny, mahakasika ireo mpitandro filaminana maro asaina misakana ny hetsiky ny mpitolona miaraka amin' ny vondron'ny kandidà tsy hiditra eo amin'ny kianjan'ny 13 mey. Ny hita ny faran'ny herinandro teo, herim-pamoretana vitsy ambony fiara tsy matahodalana 4 x 4 no miezaka mandrava ireo mpitolona, fa ny maro dia hita fa manao alasafay ihany sisa satria: hita mihintsy



fa vizana izy ireo, hita mihintsy fa tsy ampy torimaso izy ireo satria vao maraimbe dia efa asaina miambina ny fidirana amin'ilay kianja malaza, nefa efa hariva vao miala eo. Hita fa efa misy tsy te handray baiko ny ankamaroany, fa matahotra sao dia ho tapaka karama. Hita fa matin'ny hanoanana izy ireo. Raha ny sabotsy teo, efa tamin'ny 3 ora tolakandro tany ho any vao tonga ny sakafo. Nikatso tanteraka ny zava-drehetra teny Analakely sy ny manodidina tamin'io andro io, ny hetsiky ny vondron'ny kandidà anefa tsy maintsy mitohy, mandra-pivalian'ireo fitakiana, na ny hisian'ny fifampidinihana ho amin'ny fifidianana madio sy mangaraharaha ary eken'ny rehetra. Ny filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM, ny vondrona iraisam-pirenena dia efa samy niantso fifampidinihana, ny fivondronamben'ny Eveka koa efa nilaza ankolaka fa ny ''vonona tsy vanona ary ny vanona tsy vonona'', izay midika fa misy mbola tsy milamina amin'io zotram-pifidianana io. Toko tapaka, vilany mitongilana, maro no mila harenina amin'ny zotram-pifidianana tokony hatao io, ka ny mety araka ny fanapahan-kevitry ny maro teny Tsimbazaza ny herinandro teo dia ny fampihantonana azy ihany aloha. Betsaka ny zavatra mbola mety hiova ato anatin'ny 48 ora mahery.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fotoana ijoroana tanteraka amin'ny foto-kevitra miaro fahamarinana izao

Ao anaty fotoana fijoroana tanteraka amin'ny hevitra matotra fiarovana ny fiandrianam-pirenena izao. Mila entanina ny olom-pirenena saropiaro fatratra amin'ny famerenana ity firenena ity ho amin'ny tany tan-dalàna sy hanjakan'ny fahamarinana. Tsy fotoanan'ny firoaroavan-tsaina izao, fa tena ilàna ny fijoroana arapotokevitra mitsinjo marina ny hoavin'ny firenena sy ireo taranaka any aoriana. Iaraha-mahita toy ny masoandro be lohataona mantsy ankehitriny ny hevidratsy hanapotehana ny firenena, sy hamiliana ny dia ny ho any amin'ny tsy fanjariana sy fahalovana. Ampiasaina ao anatin'izany ilay fototry ny ratsy rehetra, dia ny vola, izay aparitaka atao fafy katrana amin'izay olona azo baboina sy badoina ary azo vidiana, tafiditra hatrany amin'ireo zandary sy polisy noheverina hiaro lalàna sy tanindrazana. Mahery tokoa ve ny vola sa ireo olona azo vidim-bola no efa rakotry ny fahantrana amin'ny lafiny rehetra, na efa ny saina mihitsy no mirefarefa sy domelin'ny zavatra iainany andavanandro ? Izany anefa dia maneho mazava fa efa an-dalam-pahapotehana ny firenena fa tsy hoe tandindomin-doza intsony, fa efa mihàtra aminy mihitsy. Olom-bitsy mpanao politika mpanefoefo no miray petsapetsa amin'izany, noho ny figohana sy figalabonana ny harembe azony eo anivon'ny fitondrana hatramin'izay. Ireo sarambabem-bahoaka ihany anefa no mibaby ny vokatr'izay fitiavan-tenan'ny olom-bitsy tsy mahalala afa-tsy izay hihazonana fahefana, sy harena nogorobahiny teto amin'ity firenena ity. Tsy mampaninona ireto farany na dia ho lafo ambongadiny amin'ny vahiny, indrindra amin'ny Frantsay, aza ny firenena, ka ho kizo fara ireo taranaka any aoriana.
Na hanampatra ny heriny aza ny mpanao ny asan'ny maizina rehetra isan-tsokajiny, satria hita fa misy sokajiny izy ireo, ary misandrahaka amin'ny sehatra samihafa, dia tsy atao velively hampihemotra amin'ny foto-kevitra nijoroan'ny hetsika fotsy izany. Ny fijoroan'ny olom-pirenena vanona rehetra no ho setriny mahery vaika hanoherana ny fifidianana anaty loto tadiavana atao amboletra eto. Tsy azo ekena marindrano n'inona n'inona hitranga ny fampidirana ny firenena anaty loto toy izany. Ireo olom-bitsy no efa miaina anaty loto feno haratsiana, fa tsy ny firenena sy ny vahoaka malagasy velively. Tsy maintsy toherina hatramin'ny farany izany fihetsika mamohehitra izany, ka ho fantatry ny taranaka any aoriana, iza no vahoaka na olom-pirenena mitsinjo marina azy ireo, sy ireo saropiaro fatratra ity firenena ity tsy ho hanjakan'ny vazaha frantsay toa an'i Andry Rajoelina.

***Sôh'son***

Fampielezan-kevitra sandaina vola

# Niafara tamin'ny fanaovana herisetra tamin'ny mpanao gazety

Niafara tamin'ny fanaovana herisetra tamin'ny mpanao gazety ny fampielezan-kevitra sandaina vola, nataon'ny mpomba ny kandidà Rajoelina tany amin'ny faritra Menabe. Nanao fampielezan-kevitra tao amin'ny renivohitry ny faritra Menabe ny mpanaradia ny kandida Andry Rajoelina, izay tsy tonga tany an-toerana, fa Andriamatoa Tinoaka Roberto no nisolo tena azy tany, izay nanao kabary fanaratsiana sy fanenjehana ireo kandida mpifaninana amin'ny laharana faha 3, nisy mihintsy ny ompa izay natao tamin'ny kandida filoha Marc Ravalomanana. Hita nandritran'io fotoana io, fa maro ireo olona avy any amin'ny kaominina ambanivohitra manodidina an'i Morondava no notaomina tamin'ny kamiao, izay tsy fitaterana olona ary notambazana vola sy teeshirt ireo olona, ka manodidina ny 5000 ariary hatramin'ny 15000 Ariary isan'olona no nomena. Nohon'ny hamaroan'ny olona anefa dia tsy voazara ara-potoana ireo vola, ka nisy tamin'ireo olona no mbola tsy tafody satria sady mbola tsy nahazo vola no tsy misy fiara hanatitra azy ireo, isan'izany ireo olona avy ao amin'ny kaominina ambanivohitra Analaiva izay ny ben'ny tanàna mihintsy no nitarika sy nanangona ireo olona, ka nilaza fa mahazo vola sy tee-shirt rehefa tonga any Morondava. Efa nisasakalina anefa, mbola tee-shirt ihany no azon'ireo olona ary rehefa nahita ireo olona nitangorona maro be teo alohan'ny boutika orange ny mpanao gazety dia nanao fanadihadiana, ka tamin'izay no nahalalana fa miandry ny vola sy fiara hanatitra azy izy ireo. Nandritra izany no nahafantarana araky ny tafa nifanaovana tamin'ireo olona izay nanaiky halaina feo fa voafitaka izy ireo ; nandritra izany no naka sary ny mpanao gazety, tonga ny ben'ny tanàna ka nandidy ny hamafana ireo sary ary ireo ekipany kosa nandrahona nisy ny ompa sy fandrahonana nahazo ny mpanao gazety ary nisy miaramila iray nampiseho ny maha miaramila azy, ka niteny hoe tsy hainao zaho fa vakio soratra amin'ny akanjoko ity fa Tafika malagasy, koa miteny anao zaho fafao izay sary nalainao teto mba tsy hanahirana anao, saingy niala moramora ny mpanao gazety ary nanakana Bajaj, saingy izay Bajaj nosakanana dia nalaindry zareo ny la clé, ka tsy navela hanatitra. Natahotra noho ny fahamaroan'ny olona anefa ny mpamily ireo Bajaj nosakanana ka tsy nisy namaly ; nandeha tongotra ny mpanao gazety, ka nahita posy. Rehefa alohaloha dia nandeha posy rehefa teny andalana hody no nahazo loharanom-baovao, fa misy olona mivorivory koa eo amin'ny Banky BFV, ka niverina teny ary hay ireo olon'ingahy ben'ny tanàna ihany no nifindra teo raha nanontany ireo mpiambina ny banky ny tena dia nilaza izy ireo, fa avy nanao fampielezankevitra ireo miaraka amin'ny ben'ny tanànan-dreo eo, tsy sahy miteny azy ireo zahay hoy ireo mpiambina roalahy fa mijery izay ataon-dreo fotsiny naka sary avy ety ampita ny tenako no nihazakazaka namonjy ahy Ingahy ben' ny tanàna ary nandray vozon-ankanjo sady nandrombaka ny findaiko, saingy tsy azony. Nilaza moa izy fa hamango ahy ary nanatona koa ireo lehilahy maromaro voatery nitsoaka ny tenako ary soa ihany fa tsy azon'izy ireo na dia nanenjika ahy hatreny amin'ny 200 metatra aza izy ireo. Izany rehetra izany dia azo feo avokoa fa ny teo amin'ny banky BFV kosa dia azo sary sy video, satria nisy olona tsara sitra-po roalahy nahita ny zava-nisy dia naka sary ary namonjy ny tenanay avy eo nilaza fa nohon'ny hamaroan'ireo olon'ingahy ben' ny tanàna dia tsy sahy niditra niteny izy ireo, fa naka sary ny zavatra nisy izay hisaorana azy ireo. Lasa fanjakan'i Baroa tanteraka ny zava- misy, satria ankoatran'ny tsy fanarahan-dalàna misy dia miampy herisetra amin'ny mpanao gazety manatanteraka ny asany koa. Koa miantso ny hery velona rehetra mba hijoro hanohitra ny tsy rariny.

***Rajepa***

GTT INTERNATIONAL GENÈVE

# Madagasikara: fifidianana mety hiteraka korontana
# Miantso ny Vondrona Afrikana sy ny Fianakaviambe iraisam-pirenena

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray, ny GTT International Genève, nambaran'izy ireo fa mety hiteraka korontana ny fifidianana kasaina hatao eto Madagasikara, noho izay antony izay, miantso ny Vondrona Afrikana, sy ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena: Sadc, Vondrona Eoropeana ary Etazonia, izy ireo. Raha oharina amin'ny fifidianana efa nisy teto Madagasikara, hiteraka krizy politika goavana izany, ao amin'ny firenena Malagasy, izay iharan'ny fahantrana lalina ary efa bankiropotra mihitsy eo amin'ny sehatry ny toekarena, ary ahiana koa ny hisian'ny fipoahana ara-tsosialy goavana. Izay no antony hanairanay anareo Fianakaviambe Iraisam-pirenena hoy ihany ny fanambarana, satria tandindonin-doza ny vahoaka Malagasy 28 tapitrisa, noho io fifidianana io tadiavina hatao amboletra. Efa niomana amin'ny hala-bato amin'io fifidianana io ny kandidà filoha teo aloha. Ankoatra izany, misy ny tsy fanajana ny zon'olombelona, fisamborana tsy misy antony ataon'ny mpitondra amin'ny tsy mitovy hevitra aminy, ny fampiasan-kery amin'ny hetsika am-pilaminana ataon'ny mpanohitra. Ny tsy fanajana ny lalampanorenana misy koa no fototry ny olana amin'izao fotoana izao, ka ny HCC izay tokony hampanaja izany no voalohany manitsakitsaka izany lalampanorenana izany. Tsy ho tafavoaka i Madagasikara raha tsy miditra an-tsehatra amin'ny famahana ny olana ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena.

***Nangonin'Isambilo***

**GTT International Genève**
**MADAGASCAR : Elections à haut risque**
**Interpellation du Conseil de Paix et de Sécurité de l'UA, de la Communauté Internationale (SADC, l'Union Européenne et USA)**

A l'instar des précédentes, les élections à venir présentent tous les signes d'une crise politique importante dans un pays économiquement en faillite et socialement au bord de l'explosion. Il est de notre devoir, en tant que citoyen, de vous interpeller, vous les institutions internationales et les partenaires de Madagascar. Bref, les parties prenantes au processus électoral actuel, sur la gravité de la situation pour les 28 millions de malgaches.

Etant donné les faits suivants :

• le président sortant, candidat à sa propre succession, a mis en place une véritable machine électorale verrouillée qui ne laisse que peu de place à l'opposition. La société civile et plusieurs partis de l'opposition ont mis plusieurs fois en garde contre cette pratique ;

• la société civile n'a aucune visibilité sur la liste électorale, savamment verrouillée par le régime pour éviter toutes éventualités de "bombe" de contestations ;

• les membres clés de la Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI) sont issues du régime actuel;

• la Haute Cour Constitutionnelle (HCC) chargée d'appliquer les lois, cautionne des pratiques Anti-constitutionnelles du régime ;

• les élus, maires et chefs de quartier (fokontany), chargés d'organiser des élections ont été remplacés par des responsables désignés par le régime ;

• l'appareil administratif de l'Etat, à l'instar des enseignants, sont contraints par le pouvoir de participer au meeting électoral de Rajoelina ;

• les violations graves des droits de l'homme notamment des arrestations arbitraires, la répression violente de toute manifestation pacifique en pleine période électorale, perpétrées par les forces de l'ordre.

Par ailleurs, l'on rappelle que plusieurs personnalités de premier rang dont le président sortant Andry Rajoelina et le président de la HCC, Florent Rakotoarisoa font partie des personnes sanctionnées par le Conseil de Paix et de Sécurité de l'Union Africaine, pour concours au maintien du statu quo anti-constitutionnel, le 17 mars 2010 lors de sa 21ème session. Associé à cela, le coup d'état constitutionnel savamment perpétré par Rajoelina avant son départ et avalisé par la HCC, s'inscrit dans la continuité d'une situation anti-constitutionnelle blâmée par la Charte Africaine de la Démocratie, des Elections et de la Gouvernance (CADEG) dont Madagascar a ratifié en 2017.

Etant donné que l'Etat Malagasy en ne respectant pas sa constitution, viole les principes du droit international, source des conflits actuels;

Aussi, nous, société civile, épris des valeurs démocratiques et soucieux de l'avenir de Madagascar, appelons la Communauté Internationale et particulièrement l'Union Africaine par le Conseil de Paix et de Sécurité à :

• prendre des sanctions sévères pour les auteurs des changements anticonstitutionnels conformément aux mesures prévues par la CADEG (1);

• prendre ses responsabilités et ne pas cautionner la mascarade électorale en perspective, au risque d'être accusées de complicité avec les fossoyeurs de la démocratie à Madagascar;

• agir exclusivement dans l'intérêt des 28 millions de malgaches et non au profit d'un régime ou d'une quelconque puissance étrangère;

• aider Madagascar à revoir tout le dispositif du système électoral pour mettre fin aux crises récurrentes à chaque période électorale. C'estégalement et surtout le gage d'une vraie démocratie où tous les citoyens puissent exprimer librement leur choix pour leur pays.

Faut-il enfin rappeler que la situation de crise cyclique dans laquelle est plongé le pays, réduit considérablement les chances d'une amélioration des conditions de vie des 28 millions de malgaches.

Madagascar ne pourra s'en sortir qu'avec le concours sincère des partenaires internationaux.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fanatanterahana fifidianana
# Tsy misy mandeha amin'ny laoniny sady tsy manara-penitra

Mikiry biby hanatanteraka ny fifidianana ny alakamisy 16 novambra 2023 izao fitondrana izao, ka mampiasa ny fomba sy ny tetika rehetra handemena ny sain'ny vahoaka Malagasy ho tonga handatsabato. Tsy miraharaha izay fanambarana rehetra nataon'ny hery velona mijoro eto amin'ny firenena mba hirosoana amin'ny fanadiovana ny kianja hilalaovana amin'ny alàlan'ny fikaonandoha aloha hisorohana ny fipoahana ara-tsosialy. Tsy mety miaiky mihitsy ireto mpomba izao fitondrana izao, fa tsy misy mandeha amin'ny laoniny sady tsy manara-penitra ny fanomanana ny fifidianana. Tsy araka ny Lalàmpanorenana aloha ny nametrahana ireo filohampanjakana mpisolo toerana izay roa ny lohany : ny governemanta sy ny filohan'ny Antenimierandoholona, izay samy neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Tsy misy famindrampahefana teo amin'ny filohan'ny Repoblika nametrapialàna sy ny filohan'ny Antenimierandoholona, izay tsy ara-dalàna ihany koa ny nametrahana azy, satria tsy nisy famindram-pahefana taminy sy ny Filoha teo aloha. Tsy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no manapakevitra momba ny datim-pifidianana, fa ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana no manolotra sosokevitra ary ny governemanta no mamoaka didim-panjakana manamafy izany. Nanao fanahiniana ny Fitsarana Avo mmomba ny Lalàmpanorenana raha tsy nanamarina ny maha vazaha frantsay an'i Andry Nirina Rajoelina noho ny fangatahana nataony hisitraka izany zom-pirenena izany ary nionona tamin'ny fisian'ny taratasy nilaza ny maha malagasy azy fotsiny ihany. Araka izany dia ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenena no fototr'izao loza mihàtra eto amin'ny Firenena izao, ka mampanahy ny hisian'ny fifanjevoana tsy hifankahitana eto amin'ny Firenena aorian'ny fifidianana raha hikiry biby mbola hanatanteraka izany izao fitondrana izao. Iaraha- mahita koa ny tsy faneken'ny Vondron'ny Kandidà 10 sy ny Hetsika Fotsy ary Vovonana tarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara ny firosoana amin'izany. Manao izay fahaleriny ny herim-pamoretana mandratra sy manempotra ary misambotra ny Malagasy tia Tanindrazana tsy manaiky ny frantsay mbola hitondra ity Firenena ity indray. Ny fidinana an-dàlambe sisa no hahafahana maneho izany, ka mitohy ny Hetsika Fotsy ary hita tamin'ny tranga ny sabotsy lasa teo, fa manomboka manohitra ny famoretana ny vahoaka. Na izany na tsy izany dia toloran'ny devoly saindratsy foana ny herim-pamoretana, ka mahita grenady entina manafika sy hiarovan-tena any amin'ny mpanao hetsika ary tamin'ny farany teo dia nampiseho tapaka vy narafitra toy ny tongotr'akoho izay lazaina fa bala-plesy hono. Tsy fantantra hoe taiza na avy aiza no nipoiran'ity tapaka vy ity, fa rehefa naseho ilay izy vao fantatra ny fisiany. Tsy mahagaga izany satria tsy sarotra ho an'izao fitondrana izao ny mamorona dosie hiampangana olona tiany ho samborina. Enjehina ny Filohan'ny Antenimierampirenena noho ny nandraisany andraikitra nanangana ny Vovonana miaraka amin'ny FFKM, satria tsy nifanarahana teo anivon'ny antoko TGV izany, ka dia nesorina tsy ho mpikambana ao intsony izy. Misy olona jamba sy marenina ihany koa manenjika ny Profesora Ranjeva Raymond rehefa nanamarika, fa ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no fototr'izao krizy politika misy eto amin'ny Firenena izao. Manana tantara hono ity olobe sy manam-panahy eto amin'ny tanàna ity, ka asa raha ilay nanenjehana azy tamin'ny 2009 no tian-kambara amin'izany. Tsy vitan'izany fa tadiavin'izao fitondrana tsy ara-dalàna izao avokoa ny hevi-dratsy rehetra entina hanohanana ny firosoany amin'ny fifidianana, ka hikimpiany maso amin'izay voka-dratsy mety haterak'izany. Namoaka matoan-dahatsoratra avokoa ireo gazety mpanohana ny fitondrana omaly, fa manohana tsy misy fepetra amin'ny firosoana amin'ny fifidianana hono ny Sadc. Tsy misy tsy mahalala anefa fa vao omaly ity Vondrona Iraisam-pirenena Rezionaly ity, no nanomboka nifampidinika amin'ny ankolafin-kery rehetra misy. Na izany na tsy izany, izao fitondrana izao indrindra no manenjika ho miditra amin'ny raharahan-tokatranon'ny malagasy ny vondrona iraisampirenena rehefa manome toromarika momba ny làlana tokony hizoran'ny malagasy izy ireo. Araka izany dia sady efa afa-baraka no mbola manala baraka ny tenany tsy misy fiafarany ny zaza navelan'i Andry Nirina Rajoelina, ka kely sisa dia hiboridana, ka tsy hitodika aty Madagasikara intsony ny mason'izao tontolo izao, fa hijery any an-kafa mba tsy ho lazaina fa miaraka adala amin'ny mpivarotra fanahy.

***Andry Tsiavalona***

## TONONKALO

### Avia ka mifandraisa tanana

Miantso antsika indray anio, avia ka mifandraisa tanana,
Ho fandavana tanteraka ny hisian'ny fifidianana.
Tsy hisy fifidianana eto n'inona n'inona holazaina,
Raha izay halatra sy hosoka no kasaina hampanjakaina !

Miantso antsika indray anio, avia ka mifandraisa tanana,
Mba ho marika f'isika dia mandala fihavanana.
Lavintsika ny herisetra sy fisainana lomorina,
Ka takiana ny hamoahana ireo rehetra nosamborina !

Miantso antsika indray anio, avia ka mifandraisa tanana,
Dia manaova akanjo fotsy fa izany no hanentanana.
Tolona madio ny antsika ka aleo hifampitaha,
Fa lavintsika hatramin'ny farany ilay hoe « kandidà vazaha »

Miantso antsika indray anio, avia ka mifandraisa tanana,
Eo Anosy no fotoana n'inona n'inom-panakanana.
Saina no aoka hahofahofa , tena izany no midika
Fa « ho an'ny tanindrazana », izay no imatesantsika !

***TSIMIMALO (13-11-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny hetsik'ireo mpiara-dia amin'ny vondron'ny kandidà teny Behoririka ny sabotsy teo.











Ny lalao famaranana ady omby sy ondry, nokarakarain'ny filohan'ny Jeune TIM Ambohitrolomahitsy, Randriamparany Jean Bosco ny alahady teo.









## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Tandremo ny tenanareo amin'ny amboa, tandremo ny tenanareo amin'ny mpanao ratsy, tandremo ny tenanareo amin'ny voakilema."*

***Filipiana 3:2***

### FIFANINTSANANA MONDIAL 2026

# Efa any Accra Ghana ny Barea de Madagascar

Efa any Accra Ghana hatramin'ny omaly alatsinainy 13 novambra 2023 ireo mpilalaon'ny Barea de Madagascar avy eto an-toeranan nanainga teny Ivato tamin'ny alahady 12 novambra teo. Niditra tao anaty fiaramanidina nitondra azy ireo tao Addis Abeba i El Hadary milalao any amin'ny St Michel United Seychelles. Tamin' io omaly alatsinainy 13 novambra io ihany no fantatra fa ho tonga hamonjy ny delegasiona ihany koa ireo mpilalao mpila ravinahitra avy any Frantsa. Mbola manana fotoana hanamasahana ny fiarahana tsara, araka izany, ireo mpilalaon'ny Barea nantsoina rehetra satria tsiahivina fa amin'ny zoma 17 novambra 2023 ho avy izao no hiakan-tsehatra ao amin'ny kianja «Stade Baba Yara Kumasi Ghana » manomboka amin'ny 04 ora tolakandro (7 ora hariva Madagasikara) hikatroka amin'ny Black Stars de Ghana.



*Ny delegasiona Malagasy nanainga teny Ivato.*

***Rainilita***

### Fc Copain 18 taona

# Raikitra ny « Tournoi Open Foot à 7 »

Tonga dia raikitra nanomboka tamin'ny alahady 12 novambra teo teny amin'ny kianjan'ny « Travaux publiques Alarobia », ny fifaninanana baolina kitra « Tournoi Open Foot à 7 » karakarain'ny ekipam-pokontany Fc Copain Alarobia Amboniloha tarihan'ny filohany, Rakotondramiara Hasina izay tafiditra ao anatin'ny fanamarihana ny faha-18 taonany amin'ity taona 2023 ity. Nambaran'ity filohan'ny Fc Copain ity teny Alarobia tamin'io alahady io fa ekipa avy amin'ny faritra maro eto andrenivohitra sy ny manodidina azy miisa 34 ankehitriny no efa namaly ny antso raha ekipa 64 no vinavinaina handray anjara amin'ity fifaninanana ity. Mbola misokatra ny fisoratana anarana hoan'izy liana mbola handray anjara amin'ny fifaninanana, hoy hatrany Atoa Hasina, ary notsiahiviny ihany koa fa omby tena mifahy lehibe no hatolotra izay ho tafavoaka ho mpandresy amin'ity fifaninanana ity. Voka-dalao andro voalohany : US Prom 2 - 0 FC 2AM, Rover 0 - 0 Spartak, APMF 1 - 2 Together, Boca 3 - 1 EX-Sport, AJJ Ivato 1 - 2FC, ASDS 0 - 3 Celesao (par forfait), Famille Atsimo 0 - 0 AS IFFI, Tambatra 2 - 0 Red Star, Racing 2 - 1 Mahatony City. Teo amin'ny lalao fanokafana ofisialy ny hetsika nifanandrinan'ny Fc Copain topimpety sy ny ekipan'ny Airtel Madagascar mpanohana ofisialy kosa natao tamin'ny fiandohan'ny tolakandro tamin'io alahady 12 novambra io dia nivoaka ho mpandresy 3 - 0 ny Fc Copain.



*Ny mpikambana ao amin'ny Fc Copain teny Alarobia.*

***Rainilita***

### " Combat Avenir – Kick Boxing "

# Notolorana amboara avokoa ireo mpandresy rehetra



*Kick boxing teny Mahamasina tamin'ny alahady.*

Notolorana amboara avokoa ireo mpikatroka tafavoaka ho mpandresy, tamin'ny fifaninanana kick boxing « Combat Avenir », nokarakarain'ny Club Lion Force tarihan'ny filohany, Maître Boto Gilbert tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina Mahamasina tamin'ny alahady 12 novambra 2023 tontolo andro nanomboka tamin'ny 10 ora maraina. Ady nahatratra 58 be izao nanomboka tamin'ny fandraisana anjaran'ny sokajy « petit 24, 26, 38, 41, 45 kg) ka nandalo tamin'ny sokajy Junior A,B,C ka hatramin'ny sokajy Sénior A, B, C (51 sy 54 kg) no natrehan'ireo mpitia haiady tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina ka nandraisana mpikatroka avy eto Analamanga sy avy any Moramanga ary avy any Fe noarivo Atsinanana anjara Marihana fa natao indrindra hampakatra ny haavo teknikan'ireo mpikatroka kick boxing indrindra indrindra ity hetsika ity ka ny fiakaran'ireo mpilalao tsy mbola zatra miakatra ringa no nanatanterahana an'izany, araka ny fanamarihana nomen'i Boto Gilbert teny Mahamasina.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: totokenomby, tongolo maitso, atody, tongolo. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoralin'ny aretin'aty

Fanafody natoralin'ny aretin'aty indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

-ZAVOKA araky ny fikarohan'ny manampahaizana dia raha mihinana zavoka 2 isak'herinandro ny olona marary, izay mamporisika ny vatana hamokatra singa mamono arafesina antsoina hoe: GLUTATHIONE dia hahita vokatra tsara anatin'ny iray volana.

-ANANA: ny anamaitso rehetra, indrindra ny epinard, salady, manampy ny vy vokarin'ny aty hanao ilay asa mpanadio rà ary mamotika ny akora simika amin'ny sakafo.





-PAMPLEMOUSSE be otrikaina, mamono ny arafesina, manakana ny poizina indrindra ny homamiadana.

-NY DITE MAITSO: manala menaka, manala arafesina.

-NY CHOUX FLEUR, BROCOLI, CHOUX BLANC, mampiakatra ny famokaran'ny vatana ny glucosinolates izay manamora ny asa fandevonana ataon'ny ATY.

-NY TAMOTAMO: manarina ireo sela simba.

-TONGOLO GASY: mamotika ireo poizina tafiditra: na tsy marary aza ianao ,mihinàna tongolo gasy manta singany 2 ka hatramin'ny 4 isan'andro.

-BETERAVY manta atao jus sotroina maraina.

-KAROTY na PAOMA atao jus.

-FRAISE,VOALOBOKA hohanina

-MISOTRO RANO TSARA 1 ka hatramin'ny 2 litatra isan'andro.

-MIFADY MENAKA,TOAKA,SIGARA.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Fanandrana distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Fanandrana distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Fanandrana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Lalovan'ny lalampirenena faharoa i Fanandrana. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny akondro, ny letchi, ny soanambo, ny ampalibe. Ankoatra ny mpamboly sy mpiompy akoho amam-borona, misy mpanjono koa ny mponin'i Fanandrana.



FANARAHA-MASO NY FIFIDIANANA

# Tsy feno ny fepetra hisian'ny fifidianana amin'ny 16 novambra

Tsy feno ny fepetra hisian'ny fifidianana amin'ny 16 novambra ho avy izao, hoy ny mpanara-maso ny fifidianana Safidy. Nambarany tamin'ny tafa tamin'ny mpanao gazety omaly, fa tsy feno ny fepetra hisian'ny fifidianana malalaka, marina sy eken'ny rehetra amin'ny fanatanterahana ny fihodinana voalohany amin'ny alakamisy 16 novambra ho avy izao, manoloana ny toedraharaham-pirenena misy ankehitriny, hoy ity Sampana Fanaraha-maso ny Fifidianana, Ivon'ny Demokrasia Ifarimbonana na ny Safidy ity. Tsy mamela ny olompirenena hanao safidy mazava ny zava-misy ankehitriny, miampy ny fitomboan'ny tsy fahatokisan'ny olom-pirenena ny andrimpanjakana mikarakara fifidianana, sy ny fitomboan'ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona, hoy hatrany ny fanambarana. Marihana hoy izy ireo, fa mety hahohintohina ny fahatokisana sy ny fanekena ny voka-pifidianana, ary hisy fiantraikany amin'ny demokrasia ireo tsy fanarahan-dalàna ireo.



*Ireo avy amin'ny Safidy nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

**Stefa**

Judoka Andriambololona Hajanirina Zo

# Laharana faha-4 tany amin'ny « Judo Dakar Africa Open 2023 »

Nandray anjara tamin'ny fifaninanana judo « Open Africain de Dakar 2023 », natao tany Dakar Sénégal nanomboka ny alakamisy 9, ka nifarana tamin'ny alahady 12 novambra 2023 teo, ilay judoka malagasy, Andriambololona Hajanirina Zo, sokajy « seniors dames - 78 kg » ka nahazo ny laharana faha-4 teo amin'io sokajy nisy azy io tamin'ny ankapobeny rehefa lavon'ilay Judokas Kamerone Djengue Moune Georgika teo amin'ny « Round robin B » ary dia mbola lavon'ilay judoka avy any Burundi teo amin'ny « Repêchage » ihany koa. Vokatra farany tao amin'ity sokajin'ny latsaky ny 78 kilao ity : 1-Djengue Moune, Gerogika Wesly CMR, 2-Yatim Hatsa MAR, 3-Niragira Ange Ciella BDI, 4-Andriambololona Hajanirina Zo MAD. Marihana fa avy amin'ny fanohanan' ny fianakaviany sy ny « sponsors » azy no nahafahan'i Zo niatrika an'ity fifaninanana tany Sénégal ity ary ny « « ex-championne d'Afrique », Rabeantoandro Domoina no nampiantrano azy tany Dakar sy nanotrina azy niakatra tatami tamin'ny alahady 12 novambra 2023.


*Ny Judoka Andriambololona Hajanirina Zo.*

**Rainilita**

Andron'ny kolontsaina Sinoa

# Nizarana vatsim-pianarana tao amin'ny Oniversiten'Antananarivo

Notanterahina ny sabotsy teo ny hetsika tao anatin'ny fanamarihana ny kolontsaina sinoa. Niatrika izany ny solontenan'ny Masoivohon'i Chine eto amintsika Zhang Wei ary ireo tompon'andraikitra maro isan-karazany. Nandritra ity fotoana ity ihany koa no nizarana vatsim-pianarana nataon' ny Masoivoho Sinoa tao amin'ny Oniversiten'Antananarivo.

Ity hetsika ity dia manana tanjona ny hanolotra eny amin'ny Anjerimanontolo ny kolontsaina nentim-paharazana Sinoa amin'ny alalan'ny lafin-javatra isan-karazany toy ny sorakaliana, sary hosodoko saron-tava amin'ny operà, sary hosodoko amin'ny fikopaka Sinoa, lanonan'ny dite, boky ara-kolontsaina, mampiasa hazokely fitaovana fisakafoanana sinoa, fanandramana sakafo sinoa.

Nambaran'i Zhang Wei fa manana kolontsaina nentim-paharazana mahafinaritra toa an' i Madagasikara koa i Chine. Ny fampiroboroboana ny fifanakalozana ara-kolontsaina sy ny fifankahazoan-kevitra eo amin'i Chine sy i Madagasikara dia mipetraka amin'ny fototra mafy orina sy ny fanantenana malalaka. Feno 3 taona amin 'ity taona ity ny fiaraha-miasan'ny masoivoho sinoa eto Madagasikara sy ny Oniversiten'Antananarivo amin'ny fikarakarana ny "Andron'ny kolontsaina sinoa" izay niantomboka ny taona 2018.

**Aly**

Basket 3x3 « Game On Toamasina 2023é »

# Niavaka ny seho tao Toamasina

Niavaka dia niavaka ary nahaliana ny mponin'i Toamasina tokoa, ny hetsika basikety 3x3 « Game On 3x3 Toamasina 2023 », nokarakarain'ny FMBB « Fédération Malagasy de Basket Ball » niarahany nisalahy tamin'ny « Ligue Régionale de Basketball Atsinanana » sy ny « Commune Urbaine de Toamasina » ary notohanan'ny « Telma Madagascar » sy « MVola » izay notanterahina tao amin'ny « Esplanade de la Mairie | Toamasina » tamin'ny alahady 12 novambra 2023 teo. Vokatra farany : finale senior Hommes : Damiandry 19 - 20 Dalton ( après prolongation egalité 18 et 18), Finale U17 G : Team Vanillah 07 - 10 NBE, Finale senior Dames : Favori 09 - 11 Team Malala, Finale veteran Hommes : USSM 12 - 17 AJRT, « Champion concours Tir à 3 Points » : Olivio ( Joueur U20 Ascut), Dunk : Aziz , Stan et Emmanuel. Marihana fa notolorana amboara sy taratasim-bola nitentina 400.000 ar tsirairay avy ireo ekipa tompondaka rehetra ary taratasim-bola nitentina 300.000 ar kosa hoan'ireo tompondaka lefitra rehetra.

**Rainilita**


*Dunk tany Toamasina.*

Randriamparany Jean Bosco

# Tontosa ny lalao famaranana kitra ady omby sy ondry

Tontosa ny alahady teo tany Ambohibemasoandro kaominina Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana, ny lalao famaranana baolina kitra, nokarakarain'I Randriamparany Jean Bosco filohan'ny Jeune TIM any amin'ity kaominina ity. Omby iray (1), ondry roa (2), maillots équipes (3), baolina, trophées ary lelavola no nozaraina tamin'ireo tanora mpilalao baolina nandray anjara tamin'ny alahady io, tao amin'ny kianja Ambohibemasoandro.

Tao anatin'ny hafaliana tanteraka no nisaoran'ny mpilalao sy ny vahoaka an-d Randriamparany Jean Bosco sy ny ekipany, nanohana ny tournoi. Nifanolo-tànana tamin'ny hetsika ihany koa ireo mpitarika ny Tanora Tiako i Madagasikara Analamanga Solofo Andrianantenaina sy Amel Rasamison ary ny mpikarakara tao an-toerana. Nahazo loka avokoa ireo tonga tamin'izao dingan'ny famaranana izao dia ny FC Miray Ambohitrolomahitsy sy ny FC Sporting Ambohitrolomahitsy. Toy izany koa teo amin'ny Super-Coupe nihaonan'ny FC Famille Ambaniandrefa sy ny FC Lion Ambaniatsimo. Mbola hitohy hatrany izao fikarakarana tanora hatao ao Ambohitrolomahitsy izao hoy ny Prezidà Randriamparany Jean Bosco na Dadafara.


*Ireo anisan'ny nahazo amboara ny alahady teo.*

**Lita**

PRIERE AU SACRÉ CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Nandrianina R.**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**11/11/2023 hatramin'ny 18/11/2023**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 032 12 736 66 / 034 98 742 23
- **D'IVANDRY** (Ivandry) 032 03 549 76/038 12 549 77/033 11 549 76
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69 / 034 05 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 76 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1495-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIAINAM-PIRENENA**

# Mitombo tsy an-kiato ny "mafia" na mafiady" eto amintsika

Mitombo tsy an-kiato ny "mafia" na ny "mafiady" eto amintsika, araka ny fanadihadiana natao.
Tamin'ny fitondrana Rajoelina dia nilaza ny ankamaroan'ny mpiray monina, fa tsy mitsahamitombo ny olona sahirana, mafiady eto amintsika, vokatry ny vidim-piainana mihoa-pampana sy ny tsy fahitana asa sahaza intsony, fa voatery mitady izay sitrany ahay sisa, ka lasa manao asa fitadiavana an-tselika hafa indray, izay tsy rariny mihitsy aza, satria efa mahantra tanteraka. Tsy vitsy ireo sahirana nifanatona taminay nilaza izay mba azony atao, toy ny mpivady mpitatitra rano sy mpanasa lamba, izay nanambara fa mba hitsinjovana ny sakafo sy ny fianaran'ny ankizy, dia voatery mifoha amin'ny 3ora maraina, manenjika rano izay ho tapaka manomboka amin'ny 5ora sy sasany hatramin'ny 6ora hariva, nefa mba hanenjehana lamba 30 eo ho eo ho andramatoa, ary bidon 6 eo koa hoan-drangahy. Ny mpanasa zara raha mahazo 5arivo ariary isan'andro, ny mpitatitra koa 6 arivo ariary isan'andro raha mahazo laharana tsara eny amin'ny paompy.
Nanambara moa izy ireo fa raha 11000 Ar no azony mitambatra, ialan'ny sakafo sy hofantrano, ary ny saran'ny fampianarana ho an'ireo zanaka 2, dia tsy tratra mihitsy ka mampalahelo. Nisy koa aza mpivady kely mpanangona tavoahangy, manasa azy ireny eny Masay iny, sady mpitady korontam-by, no nilaza fa 6 arivo ariary mitambatra no mba hita, tsy manofa trano fa eny akaikin'ny fitoerampako, tsy afaka mandefa ankizy mianatra, fa dia mitady izay harapaka fotsiny ihany, "Ny hohanina androany; tadiavina androany " raha ny filazan'izy ireo.
Ry zareo mpanapaka volo andalambe ireny koa, dia nitsotra fa 1500 Ar ny fanapahana, nefa zara raha misy olona 3 raha betsaka indrindra, fa ny manao volo sola dia efa any an-tranony sisa no manao, fa tsy ampy vola hono, mitsitsy izay mba azo. Ny mpanotra dia nanambara fa hasin-tànana no raisina, ka raha olona 3 na 4 no tonga, dia manodidina ny 7 arivo ariary no mba azo, nefa raha atambatra izany ho isam-bolana, dia maivana araka ny fiteny, satria mbola eo ireo adidy amampanao samihafa, ka tsy afa-po mihitsy araka ny filazany. Ny mpitsoka mozika na mpihira andalambe dia mivelona amin'ny fanomezana sy rakitra madinika, ary voatery mizara izay azo eo, ho an'ny 4 dahy mpandray anjara, nefa rehefa tsy tratra koa na misy iray marary, dia efa tsy afaka mitady vola indray. 11000 Ar no mba azon'ireto mpitsoka mozika, mitovy amin' ny azon'ny mpanosika posiposy sy sarety, nefa izay kely mba azo, dia voatery zaraina mitovy amin'ireo mpiara-manao hatrany, ka tsy manavotra, nefa hery sy tanjaka miasa avokoa.
Ny mpibata entana, docker ireny, dia nitsotra fa mitaona amin'ny fiandohan'ny tsena sy ny firavana, ka na mba mahazo kely aza, dia voatery mihinana amin'ny hotely, sy mitondra izay sisa tavela any an-trano, nefa dia mampahonena hatrany. Mazava araka izany fa mahantra tanteraka ny vahoaka, satria raha mba mitontaly 10000 Ar. no hita isan'andro, 3hetsy ariary isam-bolana, ialan'ireo hofantrano, sy sakafo ary volan-jaza, sns… dia tena Kere, Mosary, hatrany ny maro an'isa.

***Beharo***

Fandraharahana letchi faritra Atsinanana

# Hisokatra ny zoma 17 novambra ny ''guichet unique"

Amin'ny herinandro ho avy izao no hanomboka ny taom-piotazana ny vokatra letchi any amin'ny faritra Atsinanana, ny 20 novambra ho avy izao. Noho izay antony izay, ho an'ireo rehetra te handraharaha amin'ity vokatra fanondrana sy hamidy eto an-toerana ity, hisokatra amin'ny zoma 17 Novambra 2023 ho avy izao ny "Guichet Unique" ho an'ny taom-piotazana letchi 2023 ao anatin'ny Faritra Atsinanana. Hikarakara ireo antontan-taratasy ilaina ny INSTAT : Ivon-toeram-pirenena momba ny statistika, ny sampandraharahan'ny hetra ary ny Kaominina ambonivohitr'i Toamasina, ho an'ireo mpanangom-bokatra sy ny mpitatitra, ho an'ny taompiotazana ny herinandro ho avy io.

***Aly***




***Letchi, anisan'ny vokatra eto amintsika amin'ny volana novambra toy izao.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 450**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0449)

***Mitsivalana***
- Vehivavy
- Alefa – Fo (miv)
- Lotoina
- SN – Ota
- Ski – As
- Korana
- Anarana

***Mitsangana***
- Valosoa
- Elo
- Hetsika
- Nofy (miv) – Ro (miv)
- Vay – Ora
- No – (T)an(y)
- Voatana
- If – Asa

## TENY MIFANAPAKA N° 450




**Mitsivalana**

**1.** Karazana legioma – Tsirin-teny Mpanao **2.** Resy – Mahadomelina **3.** Manambara lera – Toerana **4.** Manao fitsidihana **5.** Laharana (miv) **6.** Teny fanehoana (miv) Tsy mahafoy tanàna iray **7.** Sakafo – Nandray (BR) **8.** Tsy tonta (miv) – Tia, iry **9.** Kianteny – Milaza fananana (miv) **10.** Mpikarama (miv) – Esotra

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka eran-tany **B.** Foto-tsakafo – Kanto (miv) **D.** Ampela (miv) **E.** Mpanondro toerana – Tovona (miv) – Mahantra **F.** Bozaka **G.** Anelanelan'ny vato – Manao fanekena (miv) **H.** Manao (miv) **I.** Mpilalao mandray vola **J.** Feo miverina – Didy mipetraka (miv) **K.** Mampisafidy – Tafita amin'ny sarotra

### Valiny Teny mifanaraka 0449

**Mitsivalana**

**1**. Peratra - Re **2**. Anana - Mamo (miv) **3**. Tinapaka **4**. Mirona (miv) - Nao **5**. (A)lam(o) - RN **6**. Atrika **7**. Hasoavana **8**. Aty - Atody **9**. Antitra **10**. Ivato - Atao

**Mitsangana**

**A** Pataloha **B**. Enina - Vata (miv) **D**. Ranomasina **E**. Rana (miv) - To - TT **F**. Tapitra - Io **G**. Ma (miv) - Tavy (miv) **H**. (L)aok(a) - (S)okatra **I**. Man - Taona (miv) **J**. Rà - Ar - Ad(y) **K**. Embona - Ilo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

Ny hetsiky mifandray tanana manao tohivakana am-pilaminana, teny amin'ny manodidina ny farihin'Anosy omaly.










Ny hetsiky ny vondron' ny kandidà teny Itaosy, tonga maro hatrany ny mpanara-dia azy ireo.





